85.02 85.02.31.00 85.02.39.10 85.16.10 85.16.10.10 85.41 85.41.40.10 87.01 87.01.10.00 8701.91 00 8701.92 00 8701.93 00 8701.94 00 8701.95 00	-- D'une puissance excédant 750 KVA Groupes électrogènes et convertisseurs rotatifs électriques. - Autres groupes électrogènes : -- A énergie éolienne -- A énergie hydraulique - Chauffe-eau et thermoplongeurs électriques ---Solaires Diodes, transistors et dispositifs similaires à semi-conducteur ; dispositifs photosensibles à semi-conducteur, y compris les cellules photovoltaïques même assemblées en modules ou constituées en panneaux ; diodes émettrices de lumière ; cristaux piézo-électriques montés. - Dispositifs photosensibles à semi-conducteur, y compris les cellules photovoltaïques même assemblées en modules ou constituées en panneaux. Tracteurs - Tracteurs à essieu simple - Autres, d'une puissance de moteur -- N'excédant pas 18 kW -- Excédant 18 kW mais n'excédant pas 37 kW -- Excédant 37 kW mais n'excédant pas 75 kW -- Excédant 75 kW mais n'excédant pas 130 kW -- Excédant 130 kW
Article 06.01.06: 17° 38.08.91.10 63.04	- - -Insecticides présentés sous forme de spirales (mosquitos) Autres articles d'ameublement, à l'exclusion de ceux du n° 94.04 - Moustiquaires imprégnés de produits insecticides
Article 06.01.06: 20° 27.10.19.21	- - - Pétroles lampants.
Article 06.01.06:21° 10.06.10.00 10.06.20.00 10.06.30 10.06.30.10 10.06.30.90	- Riz en paille (paddy) - Riz décortiqué (riz cargo ou riz brun) - Riz semi blanchi ou blanchi, même poli ou glacé : ---Riz de luxe des qualités RL1 et RL2 --- Autres

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
10.06.40.00	- Riz en brisures.

LOHATENY II

HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY AMIN'NY TSENAN-DRAHARAHA AMIN'NY FANJAKANA

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny Lohateny II amin'ny Fizarana faha 6° ao amin'ny Boky I:

LOHATENY II

HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY AMIN'IREO TSENAN-DRAHARAHA AMIN'NY FANJAKANA”

TOKO I

FAMERAN-KETRA MANOKANA

Andininy 06.02.01.

Ovàna ho “amin'ireo tsenan-draharaha amin'ny Fanjakana sy ny toa azy” ny vondron-teny “amin'nytsenan-draharaha amin'ny Fanjakana” amin'ity andininy ity.

TOKO II

SEHATRA AMPIHARANA

SOKAJY I

RAHARAHA VOAN'NY HABA

Andininy 06.02.02.

Ovàna toy izao ny rijantenin'ity andininy ity:

“Iharan'ny haba ny tsenan-draharaha amin'ny Fanjakana rehetra sy ny toa azy afa tsy ireo asa mifandraika amin'ny tsenan-draharaha voafaritry ny andininy 06.01.35”

TOKO III

HANA IFOTORAN'NY FANDOAVANA SY FITAKIANA NY HABA

Andininy 06.02.04.

Foanana ny vondron-teny “ataon'ny Mpitana kaontim-panjakana” amin'ity andininy ity:

TOKO VI

FOMBA FAMERANA NY HABA

Andininy 06.02.07.

Ovàna toy izao manaraka izao ny andalana 1° amin'ity andininy ity:

“Ny haba dia kajiana sy tazonin'ny Mpitana kaontim-panjakana mialoha, na ny mpiasa eo anivon'ny sampan-draharaham-panjakana izay mahazo na mitantana famatsiam-bola avy amin'ny Fanjakana, ary izy ireo no miandraikitra ny fandrotsahana izany any amin'ny Mpandray volan'ny Ivon-ketra mahefa, voafaritry ny didy amam-pitsipika, farafahatarany ny faha 15 ny volana manaraka ny nanaovàna ny fitazonana.”

TOKO VII
ANDRAIKITRY NY MPANDOA NY HABA

Andininy 06.02.08.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

“Ny tompon'ny tsenan-draharaha amin'ny Fanjakana dia tsy maintsy manao filazana any amin'ny Ivon-ketra mpitantana ny antontantaratasiny ny haba notazonin'ny Mpitana kaontim-panjakana na ny mpiasa miandraikitra ny fandoavana voalazan'ny andininy teo aloha, farafahatarany ny faha 15 ny volana manaraka ny nanaovàna ny fitazonana, ary ampiarahina amin'izany ny taratasy manamarina izany.”

BOKY III
FEPETRA IRAISAN'NY HETRA, SARA SY HABA VOARAKITRA AO AMIN'NY
BOKY I SY II AMIN'ITY FEHEZAN-DALANA ITY

LOHATENY I

FAMORIANA NY HETRA

TOKO II

FAMORIAN-KETRA ATAON'NY SAMPANDRAHARAHAN'NY HETRA

SOKAJY III

SORA-PAMERANA

Andininy 20.01.43.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragirafy 1° amin'ity andininy ity:

“ Ny trosa voalazan'ny andininy 20.01.40 dia hanaovàna sora-pamerana isambatan'olona na iombonana nomena miaraka amin'ny taratasy fameran-ketra ka tsy maintsy efaina. Ny sora-pamerana dia ataon'ny mpandray vola momba ny hetra, nekena sy azo ampiharina tamin'ny alalan'ny Tale misahana ny Fifanolanana ara-ketra izay afaka mamindra izany fahefana izany. Ny sora-pamerana dia natao araka ny sokajin-ketra ary ahitana ireto manaraka ireto:

- Anarana na anaram-pikambanan'ny mpandoa hetra,
- Laharam-pamantarana ara-ketra na Kara-panondrom-pirenena,
- Taratasy fameran-ketra niandohan'ny trosa,
- Sokajy, taom-piasana sy ny sora-bola tokony aloa.”

SOKAJY V

FANENJEHANA

Fe- potoana – Fomba

1- Ny fifanolanana eo amin'ny famorian- ketra

Andininy 20.01.46.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ity andininy ity:

“Ny fitarainana momba ny taratasy fanenjehana dia tsy azo afototra afa tsy amin’ny tsy fihetezan’ny toetra ny taratasy, na ny tsy fitakiana ny vola rehetra tokony ho aloany na ny fahalanian’ny paik’andro na antony samihafa tsy manova ny fototra hamerana sy fikajiana ny hetra. Tsy azo raisina izany fitarainana izany raha taran’ny valo (08) andro nanaovàna ny fanagiazam-pananana.

Ny fandavana ny taratasy fanenjehana izay manohitra ny fitakiana ny hetra voalazan’ny sora-pamerana ka tsy nanaovàna fanoherana tao anatin’ny fe-potoana ara-dalàna dia tsy azo raisina ary tsy manan-kery ka tsy manakana ny fanatanterahana izany sora-pamerana izany.

Ny fandavana ny taratasy fanenjehana dia entina eo anatrehan’ny fitsarana ady madio misy ny toerana nanaovàna ny fanagiazam-pananana.

Ny fangatahana amafisin’ny taratasy fanamarinana rehetra dia tsy azo raisina raha tsy mandalo eo amin’ny Tale misahana ny Fifanolanana ara-ketra ao anatin’ny valo andro manaraka ny fampahafantarana ny fanagiazam-pananana. Izany fangatahana izany dia ataon’ny:

- ny olon-kafa voakasik’izany, araka ny lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka, izay manohitra ny handoavany ny trosan’ny mpandoa hetra enjehina;
- ny olona izay mitaky ireo entana nogiazana ho fandoavana ny hetra, sara sy haba tokony ho naloan’ny mpandoa hetra.

Ny mpandoa hetra sy ny mpitaky ireo entana voageja dia tsy afaka mametraka eo amin’ny fitsarana antotantaratasim-panamarinana hafa ankoatra ireo efa voalaza tao anaty tahirin-kevitra, na fanomezana hevitra vaovao na zava nitranga hafa ao anatin’ny fehiteny ankoatra izay voalaza tao anatin’ny tahirin-kevitra.”

SOKAJY VI

FEPETRA IRAISANA AMIN’NY FANOHERANA

Andininy 20.01.47.

Ovàna ny rijantenin’ny andalana 1° amin’ ity andininy ity:

“ Raha misy fanoherana ny taratasy fanenjehana, ireo mpandoa hetra dia tsy afaka mitondra ny raharaha eo anatrehan’ny fitsarana mahefa raha tsy efa nametraka ny fangatahany amafisin’ny taratasy fanamarinana rehetra eo anivon’ny Tale misahana ny Fifanolanana ara-ketra.”

TOKO III

SAZY SY LAMANDY

SOKAJY IV

LAMANDY AMIN’NY FANAMBARANA TSY AMPY, TSY FAHAMARINANA, FANADINOANA NA FAMPIHENANA

Andininy 20.01.54.2-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin’ity andininy ity:

“Ho an’ireo olona iharan’ny haba amin’ny tataom-bidy:

A- Iharan’ny lamandy 10 isan-jaton’:

- ny haba, ny varotra rehetra tsy misy fakitiora ara-dalàna nefa voarakitra ara-dalàna ao anatin'ny fitanan-kaonty, aloa amboniny ny haba mifandraika amin'izany raha mbola tsy voaray ny TVA;
- ny haba, ny varotra rehetra tsy misy fakitiora nefa voarakitra ara-dalàna ao anatin'ny fitanan-kaonty, aloa amboniny ny haba mifandraika amin'izany raha mbola tsy voaray ny TVA.

B- Iharan'ny lamandy 40 isan-jaton':

- ny haba, amin'ny taha 20 isan-jato nokajiana ara-keviny avy amin'ny alalan'ny fanitsiana nataon'ny sampan-draharahan'ny hetra, ny fanesorana mihoampapana na ny hevitra ratsy rehetra natao mba ahazoana ny famerenam-bola mifandraika amin'ny raharaha iharan'ny haba amin'ny taha 0 isan-jato sy ny raharaha tsy voan'ny haba, aloa amboniny ny trosan-kaba tsy tokony naverina taminy ao anatin'ny fe-potoana valo (8) andro nanaovàna ny fampahafantarana fanafoanana;
- ny haba, ny varotra rehetra iharan'ny TVA, nanaovàna fakitiora ary voarakitra ao anatin'ny fitanan-kaonty ary nanaovàna filazana kanefa ao anatin'ny fakitiora dia tsy ahitana mazava ny TVA mifandraika amin'izany.

C- Iharan'ny lamandy 80 isan-jaton':

- ny haba nanaovana hosoka ka ny fanesorana na ny famerenam-bola dia natao ary azo amin'ny fomba tsy marina, na ny fanesorana mihoampapana rehetra na ny hevitra ratsy rehetra natao mba ahazoana ny famerenam-bola, aloa amboniny ny famerenam-bola tsy tokony ho azony ao anatin'ny fe-potoana valo (8) andro nanaovàna ny fampahafantarana fanafoanana;
- ny trosan-kaba nanaovana filazana nefa tsy voamarina, ny fahadisoana rehetra eo amin'ny sora-bolan'ny trosan-kaba entina amin'ny taona manaraka, ambonin'izany ny fanafoanana tsy misy fepetra ny trosan-kaba tsy voamarina na diso;
- ny haba nesorina nefa tsy tokony natao, ho an'ny fanesorana ny haba tsy hita miavaka ao anatin'ny fakitiora, ambonin'izany ny fandrotsahana ny haba;
- ny vidiny voalaza ao anatin'ny fakitiora, ny fanomezana fakitiora rehetra izay tsy mifandraika amin'ny raharaha tena izy;
- ny haba nanaovana hosoka ka ny fanesorana na ny famerenam-bola dia natao ary azo amin'ny fomba tsy marina, ho an'ny fanaovàna fakitiora ny haba amin'ireo entana na asa tsy voan'ny haba, aloa ambonin'izany ny haba voalazan'ny ao anatin'ny fakitiora;
- ny haba nanaovana hosoka ka ny fanesorana na ny famerenam-bola dia natao ary azo amin'ny fomba tsy marina, ho an'ny mpandoa hetra izay nanadino ny fampidirana ny haba ao anatin'ny fakitiora amin'ireo entana izay tokony iharan'ny haba, aloa amboniny ny haba mifandraika amin'izany.
- ny haba tsy nanaovana fitazonana na fandrotsahana, ny tsy fanatanterahana ny andraikitra voafaritry ny andininy 06.02.07 izay tokony nataon'ny ny mpiasa miandraikitra ny fandoavana ny tsenan-draharaha amin'ny Fanjakana, aloa amboniny ny haba mifandraika amin'izany. Izany fandoavana izany dia iandraiketan'ny sampan-draharaha iasan'io mpiasa io.

D- Ankoatra ny sazy ara-pitsarana, dia iharan'ny lamandy 150 isan-jaton':

- ny haba, ny varotra rehetra tsy misy fakitiora izay tsy voarakitra ao anatin'ny fitanan-kaonty, aloa amboniny ny haba mifandraika amin'izany;
- ny haba, ny varotra rehetra misy fakitiora nefa tsy voarakitra ao anatin'ny fitanan-kaonty, aloa amboniny ny haba mifandraika amin'izany."

SOKAJY VI
FANDIKAN-DALANA HAFA

Andininy 20.01.56.

Soloina ho “ **10 isan-jato**” ny taha “**100 isan-jato**” ao amin’ny andalana 3° amin’ ity andininy ity.

Andininy 20.01.56.-1

Soloina ho “ **40 isan-jato**” ny taha “**80 isan-jato**” ao amin’ny andalana 1° amin’ ity andininy ity.

Soloina ho “ **0,5 isan-jato**” ny taha “**1 isan-jato**” ao amin’ny andalana 2° amin’ ity andininy ity.

Andininy 20.01.56.18

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin’ity andininy ity:

“Rehefa voamarina fa misy olon-tsotra na fikambanana:

- manome fakitiora izay tsy mifanaraka amin’ny fepetry ny andininy 20.06.18, dia iharan’ny lamandy 10 isan-jaton’ny haba nanaovàna hosoka,
- tsy nanaja ny fepetra fanomezana fakitiora na tsy misy fakitiora, dia iharan’ny lamandy 40 isan-jaton’ny haba nanaovàna hosoka,
- mampiasa fakitiora hosoka, anarana sandoka, hosoka amin’ny endrika samihafa ka nampiasana famoronana na antotantaratsy tsy ara-dalàna, dia iharan’ny lamandy 80 isan-jaton’ny haba nanaovàna hosoka, ankoatra ny fanenjehana ara-pitsarana tamin’ny hosoka sy fampiasana hosoka.

Raha mbola tsy nahazo tombotsoa tamin’izany hosoka izany izy, io lamandy io dia azo avy amin’ny fampiharana ny taha 40 isan-jaton’ny haba amin’ny tataom-bidy izay nokajiana ara-keviny amin’ny vidy ivarotana entana ho an’ny mpivarotra, ny vidin’ny raharaha ho an’ny mpanao saikin’asa na vidy ividianana ho an’ny mpanjifa.”

LOHATENY II
FIFANOLANANA ARA-KETRA
FEPETRA ANKAPOBE
TOKO I

SEHATRY NY SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FIFANOLANANA SY NY
SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FAMINDRAM-PO

Andininy 20.02.01.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin’ity andininy ity:

“ Ireo hetra, haba sy sara na ireo karazam-bola tokony aloa ato anatin’ny faritany dia azo anaovan’ny mpandao hetra fitarainana na anaovan’ny Sampan-draharahan’ny hetra na ny Sampan-draharaha miandraikitra ny famerana ny hetra famotsorana ankitsirano.”

Andininy 20.02.03.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin’ity andininy ity:

“ Ny fangatahana dia lazaina fa fangatahana famindram-po raha toa ka mijanona amin’ny famoram-pon’ny Fitondrana izany, raha toa ka ilay mpandoa hetra dia manana olona ara-bola ka tsy afaka handoa ny hetra izay tokony aloany, ka mety hitarika ny tsy fihodinan’ny orinasa na tsy ahafahany hiatrika ny fiainana an-davanandrony.”

TOKO II

SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FAMINDRAM-PO

Andininy 20.02.05.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin’ity andininy ity:

“ Ny fangatahana fampihenana na fanamboarana ny hetra dia alefa any amin’ny ny Sampan-draharaha miandraikitra ny famerana ny hetra eo anivon’ny Kaominina itoeran’ny fananana mifaka ho an’ireo hetra, haba sy sara samihafa voarakitra ao anatin’ny Lohateny I sy II ao amin’ny Boky II amin’ity Fehezan-dalàna ity, any amin’ny Sampan-draharahan’ny hetra miandraikitra ny famorian-ketra ho an’ireo hetra hafa voalaza ao amin’ity fehezan-dalàna ity izay ataon’ny mpandoa hetra, ny nanjoanina, na ireo olona voatonina manokana hanefa ireo hetra mivantana ireo izay voalaza ao amin’ny fangatahana. Ireo olona mampiditra na miaro ny fangatahana ho an’olona iray hafa dia tsy maintsy, mba tsy hisian’ny fanafoanana, mitondra fanomezam-pahefana-dalàna sy noraiketina ao amin’ny biraon’ny hetra mitantana ny antontantaratasin’ny mpandoa hetra izay ampiarahina amin’ny fangatahana alohan’ny hametrahana azy. Ny mpisolovava izay voasoratra ao amin’ny lisitra ara-dalàna dia tsy voatery hitondra fanomezam-pahefana.”

Andininy 20.02.06.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin’ity andininy ity:

“Mba ho azo raisina, ny fangatahana dia tsy maintsy:

- milaza ny sokajin-ketra, ny taom-piasana sy ny hetra tokony aloa;
- misy ny famelabelarana fohy ny antonantony;
- miaraka amin’ny sora-pamerana mifandraika amin’izany sy ny porofo milaza ny fahasahiranana ara-bola mahazo ilay mpandoa hetra;
- voasonian’ny mpangataka.

Ny fangatahana dia dinihan’ny Mpisafo hetra miandraikitra ny antontantaratsin’ity mpandoa hetra na ny Lehiben’ny Sampan-draharaha miandraikitra ny fameran-ketra ao amin’ny kaominina itoeran’ny fananana mifaka ho an’ireo hetra, haba sy sara samihafa izay voarakitra ao amin’ny Lohateny I sy II ao amin’ny Boky II amin’ity Fehezan-dalàna ity.”

Andininy 20.02.08.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin’ity andininy ity:

“ Ny fanapahan-kevitra dia ampahafantarina ny mpangataka izay afaka mampiakatra izany any amin’ny Minisitry miandraikitra ny didy amam-pitsipika momba ny hetra ao anatin’ny iray (1) volana manaraka ny fampahafantarana izany. Ny mpangataka dia manana izany fahefana izany ihany koa raha toa ka tsy naharay ny fanapahan-kevitra tao anatin’ny iray (1) volana ao aorinan’ny nametrahany ny fangatahany.”

TOKO III
NY SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FIFANOLANANA
FITARAINANA

Andininy 20.02.13.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ity andininy ity:

“Ny fangatahana fanesorana na fampihenana ny hetra dia alefa any amin'ny ny Sampan-draharaha miandraikitra ny famerana ny hetra eo anivon'ny Kaominina itoeran'ny fananana mifaka ho an'ireo hetra, haba sy sara samihafa voarakitra ao anatin'ny Lohateny I sy II ao amin'ny Boky II amin'ity Fehezan-dalàna ity,

Ny fitarainana mikasika ny famerana ny hetram-panjakana voarakitra ao anatin'ny Boky I amin'ity Fehezan-dalàna ity sy/na ny fitarainana mikasika ny sora-pamerana dia atambatra ao anaty taratasy iray, ao amin'ny biraon'ny hetra miandraikitra ny fitantanana ny antontantaratasin'ny mpandoa hetra.

Na izany aza, ny fitarainana mikasika ny sora-pamerana dia tsy mitombona raha tsy ahitana ny tsy fihetezan'ny toetra ny taratasy, na ny tsy fitakiana ny vola rehetra tokony ho aloany na ny fahalanian'ny paik'andro na antony samihafa tsy manova ny fototra hamerana sy fikajiana ny hetra.

Ny fitarainana dia ataon'ny mpandoa hetra, ny nanjoanina, na ireo olona voatonina manokana hanefa ireo hetra ireo izay voalaza ao amin'ny fangatahana.

Ireo olona mampiditra na miaro ny fangatahana ho an'olona iray hafa dia tsy maintsy, mba tsy hisian'ny fanafoanana, mitondra fanomezam-pahefanaara-dalàna sy noraiketina ao amin'ny biraon'ny hetra mitantana ny antontan-taratasin'ny mpandoa hetra izay ampiarahina amin'ny fangatahana alohan'ny hametrahana azy.

Ny mpisolo vava izay voasoratra ao amin'ny lisitra ara-dalàna dia tsy voatery hitondra fanomezam-pahefana.”

Andininy 20.02.14.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ity andininy ity:

“Ny fe-potoana fanaovàna fitarainana dia iray volana ao aorian'ny fampahafantarana ny sora-pamerana.

Mikasika ny hetran-tany, ny fe-potoana fanaovàna fitarainana dia telo volana ao aorian'ny fampahafantarana ny taratasy fitakiana hetra.”

Andininy 20.02.15.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ity andininy ity:

“Mba ho azo raisina, ny fitarainana dia tsy maintsy:

- atao tsirairay;
- tsy misahana afa tsy fampahafantarana raikitra iray;
- milaza ny sokajin-ketra, ny taom-piasana sy ny hetra tokony aloa mampifanolana;
- misy ny famelabelarana amin'ny antsipirihany ny anton'ny anoherana, ny fomba sy ny fehin-teny;
- misy ny sonian'ny mpangataka, ny anarany sy ny andraikiny;

- miaraka amin'ny tapakila manamarina ny fandoavana ny ampahany izay nekena raha toa ka misy izany.
- miaraka amin'ny tolo-kevitra ny CFRA raha toa ka nanao fitarainana.

Andininy 20.02.16.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ity andininy ity:

“Ny sampandraharahan'ny hetra dia afaka manome famotsorana ankitsirano ho fanarenana ny fahadisoana avy aminy.”

Andininy 20.02.18.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin' ny andalana 1° amin' ity andininy ity:

“Ny sampandraharahan'ny hetra dia manapa-kevitra amin'ny fitarainana, ny famotsorana ankitsirano novolavolain'ny mpiasa miandraikitra ny famerana ny hetra, ny fitakiana ny hetra.”

TOKO IV

NY FOMBA ARAHINA EO ANATREHAN'NY FITSARANA

SOKAJY I

SAMPAM-PITSARANA MAHEFA

Andininy 20.02.20.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin' ny andalana 2° amin' ity andininy ity:

“Ny mpanao fitarainana dia manana io fahafahana io ihany koa raha toa tsy naharay ny fanapahan-kevitra tao anatin'ny iray volana manaraka ny fametrahana ny fangatahana”

SOKAJY II

III- FAMPIATONANA NY FANDOAVAM-BOLA

Andininy 20.02.44.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin' ny andalana 3° amin' ity andininy ity:

“ Ny manam-pahefana ara-ketra mahefa no mampahafantatra ny tohin'ny fangatahana fampiantonana fandoavan-ketra ao anatin'ny 10 andron'ny naharaisany ny fangatahana. Raha toa ka nolavina ny fangatahany, ny mpandoa hetra dia afaka mampiakatra ny raharaha eo anivon'ny Filankevim-panjakana izay mandray fanampahan-kevitra araka izay haingana. Afaka manao izany ihany koa ny mpandoa hetra raha toa ka tsy nisy valiny ny fangatahany ao anatin'io fe-potoana io.

Io fampiakarana io dia tsy maintsy atao ao anati'ny 10 andro manomboka ny naharaisany ny fanapahan-kevitra na ny fahalianan'ny paik'andro voalazan'ny andalana etsy ambony.”

Foànana ny fepetry ny andalana faha 4° amin' ity andininy ity.

LOHATENY III
FOMBA FAMERANA NY HETRA
FEPETRA IRAISANA
III – FOMBA ARAHINA

Andininy 20.03.09.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin' ny andalana 1° amin' ity andininy ity:

“Tsy tohinina ny fepetra manokana, ny mpandoa hetra iharan'ny fandoavan-ketra ankitsirano dia mbola afaka manao fitarainana ao anatin'ny 15 andro aorinan'ny nandraisany ny sora-pamerana ka ny porofo fa mioampanpana ny vola tokony aloany.”

LOHATENY VI
FAHEFANA MITAKY – FAHEFANA MANOME DIKA MITOVY –
FAHEFANA MISAVA SY MANAMARINA – TSIAMBARATELON'NY ASA
(DC-DDC-DV-SP)

SOKAJY IV
ANDRAIKITRY NY MPANAO TAOZAVA- BAVENTY, MPIVAROTRA SY MPANAO ASA
TANANA ARY NY ORINASA MPAMPINDRAM-BOLA SY MPITATAM-BOLA

Andininy 20.06.15.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin' ny andalana 4° amin' ity andininy ity:

“Mba tsy ahafaty paik'andro ny antontan-kevitra ny Sampandraharahan'ny hetra, ny fanokafana, ny fanovàna na ny fanakatonana ny kaonty rehetra aoanatin'ny volana iray dia tsy maintsy hanaovàna fampilazana amin'ny tamban-jotra araka ny modely amin'ny endrika elekitronika nomen'ny Sampandraharahan'ny hetrafara-fahatarany ny faha- 25 ny volana manaraka.”

SOKAJY VII
FANAMARINANA

Andininy 20.06.21-ter.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ity andininy ity:

“I. Ny mpiasa miandraikitra ny femerana ny hetra dia manana zo hanitsy ny filazana.

II. Na izany aza, ny mpiasa miandraikitra ny femerana ny hetra dia tsy maintsy mampahafantatra ny mpandoa hetra ny sokajy sy ny antony hanaovàna ny fanitsiana, raha tsy amin'ny lafiny fanombanana na fameran-ketra tsy misy fierana, ny fanitsiana ny diso ara-materialy na fanitsiana miteraka fampihenana ny fototra hamerana ny hetra.

III. Angatahiny amin'ny mpandoa hetra ihany koa ny fanekenany na fanamarihany ao anatin'ny fe-potoana 30 andro manomboka ny daty nandraisiny ny taratasy tolo-kevipanitsiana.

IV. Raha tsy misy valiny tao anatin'ny fe-potoana nomena, dia ny mpiasan'ny hetra no mamaritra ny fototra akana ny hetra ary manao ny fampahafantarana raikitra ny fanitsiana izay milaza mazava ireto manaraka ireto mba tsy ahafoana izany:

- ny singa noraisina ho fototra hamerana ny hetra,
- ny fampahafantarana ny mpandoa hetra ny dingana ahafahany miaro tena sady milaza ny tsy fahazoany mivarotra, mamotsotra sy mamindra ny fananany sy ny zony izay mandrafitra ny harenany mandritry ny fotoanan'ny raharaha eo anivon'ny Vaomiera ara-ketra araka ny fepetr'ity fehezan-dalàna ity.

V. Raha toa ka nanatitra ny fanamarihany tao anatin'ny 30 andro ny mpandoa hetra, kanefa tsy nisy fifanarahana tapaka, ny mpiasana'ny hetra dia mamaritra hatrany ny fototra akana ny hetra ary manao ny fampahanfatarana raikitra ny fanitsiana izay milaza mazava ireto manaraka ireto mba tsy ahafoana izany:

- ny singa noraisina ho fototra hamerana ny hetra sady milaza ny antony nandavana ny fanamarihana nataon'ny mpandoa hetra,
- ny fampahafantarana ny dingana ahafahany miaro tena sady milaza ny tsy fahazoany mivarotra, mamotsotra sy mamindra ny fananany sy ny zony izay mandrafitra ny harenany mandritry ny fotoanan'ny raharaha eo anivon'ny Vaomiera ara-ketra araka ny fepetr'ity fehezan-dalàna ity.

VI. Raha toa ka tsy voarain'ny mpandoa hetra ny taratasy milaza nytolo-kevi-panitsiana izay nalefa paositra na fomba hafa rehetra nandefasana izany, na inona na inona antony, ny sampandraharahan'ny hetra dia manao avy hatrany ny fampahafantarana raikitra ny fanitsiana.”

Andininy 20.06.23.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ity andininy ity:

“Ny fanamarinana eny an-toerana ny taratasy, boky sy ireo antontan-taratasy dia tsy azo atao mihoatra ny telo volana ho an'ireo taom-piasana telo tsy lany paik'andro. Na izany aza, amin'ny alalan'ny fanomezan-dalana omen'ny Tale Jeneralin'ny Hetra, io fe-potoana io dia azo alavaina noho ny antony manokana. Io fe-potoana io dia manomboka ny andro nahazaohan'ny mpanao fanamarinana ny antontan-taratasy izay nagatahana.

Na inona na inona zava-misy, ny fanomezana ny antontan-taratasy nangatahana dia tsy maintsy atao ao anatin'ny 12 andro farafahatarany raha tsy izany dia iharan'ny fameran-ketra tsy misy fierana voalazan'ny andininy 20.03.01 sy ny manaraka amin'ity Fehezan-dalàna ity. Io fe-potoana io dia tsy mahakasika mihitsy ireo izay voalaza ao amin'ny andininy 20.06.08.

Na izany aza, ny fahapataperan'ny fe-potoana telo volana ho an'ireo taom-piasana telo tsy lany paik'andro dia tsy azo anoharana ny sampandraharahan'ny hetra handinika ireo fanamarihana na fangatahana ataon'ny mpandoa hetra aorian'ny fahavitan'ny asa fanamarinana.”

Andininy 20.06.25.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ity andininy ity:

I. Raha tsy misy valiny tao anatin'ny fe-potoana nomena, dia ny mpiasan'ny hetra no mamaritra ny fototra akana ny hetra ary manao ny fampahafantarana raikitra ny fanitsiana izay milaza mazava ireto manaraka ireto mba tsy ahafoana izany:

- ny singa noraisina ho fototra hamerana ny hetra,

- ny fampahafantarana ny mpandoa hetra ny dingana ahafahany miaro tena sady milaza ny tsy fahazoany mivarotra, mamotsotra sy mamindra ny fananany sy ny zony izay mandrafitra ny harenany mandritry ny fotoanan'ny raharaha eo anivon'ny Vaomiera ara-ketra araka ny fepetr'ity fehezan-dalàna ity.

II. Raha toa ka nanatitra ny fanamarihany tao anatin'ny 30 andro ny mpandoa hetra, kanefa tsy nisy fifanarahana tapaka, ny mpiasana'ny hetra dia mamaritra hatrany ny fototra akana ny hetra ary manao ny fampahanfatarana raikitra ny fanitsiana izay milaza mazava ireto manaraka ireto mba tsy ahafoana izany:

- ny singa noraisina ho fototra hamerana ny hetra sady milaza ny antony nandavana ny fanamarihana nataon'ny mpandoa hetra,
- ny fampahafantarana ny mpandoa hetra ny dingana ahafahany miaro tena sady milaza ny tsy fahazoany mivarotra, mamotsotra sy mamindra ny fananany sy ny zony izay mandrafitra ny harenany mandritry ny fotoanan'ny raharaha eo anivon'ny Vaomiera ara-ketra araka ny fepetr'ity fehezan-dalàna ity.

III. Amin'ireo tranga roa ireo, ny taratasy sy ny antontan-taratasy izay tsy maintsy nomena ary koa ireo izay nangatahan'ny sampandraharahan'ny hetra nefa tsy nomena tao anatin'ny fe-potoana ara-dalàna dia tsy azo anoharana ny sampandraharahan'ny hetra ho nanao fameran-ketra mihoampapana na fanitsiana tsy misy fierana.”

Amin'ny faran'ny Sokajy VII, foronina ny andininy 20.06.29 bis izay mirija toy izao manaraka izao:

Andininy 20.06.29 bis.

I. Ny mpandoa hetra izay nanaovàna fanaraha-maso eny an-toerana voalazan'ny andininy 20.06.21 amin'ity Fehezan-dalàna ity na fanaraha-maso ny antontan-taratasy voalazan'ny andininy 20.06.21 bis amin'ity Fehezan-dalàna ity dia afaka mametraka fitarainana eo anivon'ny Vaomiera ara-ketra ao anatin'ny 15 andro manaraka ny daty nandraisana ny fampahafantarana raikitra ny fanitsiana.

II. Ny mpandoa hetra izay tsy namaly ny taratasy tolo-kevi-panitsiana tao anatin'ny fe-potoana nomena azy no mitondra ny porofo raha hanao fitarainana. Na izany aza, raha nanatitra ny fanamarihany tao anatin'ny 30 andro ny mpandoa hetra, kanefa tsy nisy fifanarahana tapaka dia ny sampandraharahan'ny hetra no mitondra ny porofo.

III. Ny fepetra mikasika ny firafitra, ny anjara andraikitra sy ny fampandehanana io Vaomiera io dia faritan'ny Lohateny IX amin'ny Boky III amin'ity Fehezan-dalàna ity.”

Amin'ny faran'ny Boky III, foronina ny Lohateny IX izay mirija toy izao manaraka izao:

“LOHATENY IX

VAOMIERA ARA-KETRA MISAHANA NY FITARAINANA

I- FEPETRA ANKAPOBE

Andininy 20.09.01.

I. Ny Vaomiera ara-ketra dia mahasahana manerana ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara mba hanapaka amin'ireo fifanolanana mikasika ny zavamisy izay mety miteraka fanitsiana ifanatrehana voalazan'ny andininy 20.06.21 sy 20.06.21-ter amin'ity Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra.

II. Na izany aza, ny Vaomiera ara-ketra dia tsy mandray ny fitarainana ataon'ny mpandoa hetra niharan'ny:

- fameran-ketra tsy misy fierana araka ny fepetry ny andininy 20.03.01 sy ny manaraka ao amin'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra;
- niharan'ny sazy noho ny fanaovàna hosoka.

Andininy 20.09.02.

Ny Vaomiera dia manome tolo-kevitra voalanzalanja amin'ireo fanontaniana naroso teo aminy.

II- FIRAFITRY NY VAOMIERA

Andininy 20.09.03.

Ny Minisitra miandraikitra ny didy amam-pitsipika momba ny hetra no manendry amin'ny alalan'ny Didim-pitondrana ireo mpikambana ao amin'ny Vaomiera ara-ketra ka ny fotoam-piasan'izy ireo dia roa taona, toy izao manaraka izao:

Manana zo hanapa-kevitra:

- Ny filoha, isan'ireo mpikambana ao amin'ny vaomiera, atolotry ny samy mpikambana;
- Mpampianatra avy amin'ny ambaratonga ambony iray (1) manampahaizana manokana momba ny lalàna sy fitantanana, na mpitsara iray (01) eo amin'ny girady voalohany atolotry ny fiarahamonim-pirenena;
- Solon-tena roa (2) avy amin'ny Foibem-pitondrana ankapobe momba ny hetra;
- Solon-tena iray (1) avy amin'ny Fiombonamben'ny Antenimieran'ny Varotra sy ny Industria, atolotry ny fiombonambeny;
- Solon-tena roa (2) avy amin'ny fikambanana matihanina na vondron'ireo orinasa hiasan'ilay mpandoa hetra;
- Solon-tena iray (1) avy Filan-kevitra ambony ny fitanan-kaonty, atolotry ny Filan-kevitra;

Manana zo hanolo-kevitra:

- Solon-tena iray (1) avy amin'ny Foibem-pitondrana momba ny fanaovan-dàlana ara-ketra;
- Manamahay momba ny kaonty iray (1), nôtera, ets. atolotry ny Vaomiera ara-ketra;
- Mpitan-tsoratra iray (1) mpiasan'ny Foibe-pitondrana ankapobe momba ny hetra.

Ny vaomiera ara-ketra dia tsy maintsy mandefa ny lisitr'ireo mpikambana ao aminy any amin'ny Sampan-draharahan'ny hetra.

Ho fepetra vonjimaika, ireo mpikambana ankehitriny ao amin'ny vaomiera dia manohy ny asany mandritra ny telo (3) volana azo avaozina mandrapaha voatendry ireo mpikambana vaovao.

Andininy 20.09.04.

I. Ireo mpikambana ao amin'ny Vaomiera ara-ketra dia tsy maintsy mitazona ny tsiambaratelon'ny asa, voafehin'ny fenitra tsy fampirafesan'asa sy ny fanaovàna fanambarampanana toy ny mpiasam-panjakana izay tsy maintsy manao izany araka ny lalàna.

II. Mikasika ny tsyfampirafesan'asa dia tsy mahazo manatrika ny fivorian'ny vaomiera ny vady, ny ray aman-dreny sy ny havana hatramin'ny ambaratonga fahatelon'ny mpandoa

hetra, ny mpitantana sy ny mpiara-miombon'antoka ao amin'ny sosaiety nanaovàna ny fanaraha-maso ara-ketra,

Andininy 20.09.05.

Ny vaomiera ara-ketra dia afaka mampanao fitsirihana araka ny fepetra voalazan'ny andininy 20.02.32 amin'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra.

III- FAMPAHAFANTARANA ATAO AMIN'NY VAOMIERA ARA-KETRA

Andininy 20.09.06.

1.Ny Vaomiera ara-ketra dia ampahafantarina ao anatin'ny 15 andro manaraka ny daty nandraisana ny fampahafantarana raikitra ny fanitsiana. Ny taratasy fampahafantarana mihoatra ny fe-potoana dia tsy azo raisina.

2. Ny fampahafantarana atao amin'ny vaomiera ara-ketra dia tsy voatery atao.

Andininy 20.09.07.

1.Mba ho azo raisina ny taratasy atao amin'ny vaomiera ara-ketra dia:

- atao tsirairay;
- tsy misahana afa tsy fampahafantarana raikitra iray;
- milaza ny sokajin-ketra, ny taom-piasana sy ny hetra tokony aloa mampifanolana;
- misy ny famelabelarana amin'ny antsipirihany ny anton'ny anoherana, ny fomba sy ny fehin-teny;
- miaraka amin'ny taratasy fanamarinana manamafy ny tsangan-keviny;
- voasonian'ny mpangataka, ny anarany sy ny andraikiny;

2. Ny olona rehetra izay manao fampahafantarana ny vaomiera ho an'olon-kafa dia mitondra fanomezam-pahefanaara-dalàna sy noraiketina ao amin'ny biraon'ny hetra mitantana ny antontan-taratasin'ny mpandoa hetra alohan'ny fampahafantarana ny vaomiera. Na izany aza, ny tsy fahatombanana mety hisy eo amin'ny endriky ny fangatahana ankoatra ny fahataperan'ny fe-potoana dia afaka ahintsy mialohan'ny datim-pivoriana voalohany faritan'ny vaomiera.

Andininy 20.09.08.

Ny taratasy fampahafantarana sy ny antontan-taratasy dia ampitaina any amin'ny sampandraharaha mitantana ny antontan-taratasin'ny mpandoa hetra na any amin'ny mpanao fanamarinana ao anatin'ny roa (2) andro katroka manomboka amin'ny andro nanaovàna ny fampahafantarana. Manana 15 andro izy manomboka ny daty nandraisany ny antontan-taratasy mba handefasany any amin'ny vaomiera ny fanamarihana an-tsoratra nataony.

Andininy 20.09.09.

Ny fampahafantarana ny vaomiera ara-ketra dia tsy manakana ny fahalianian'ny paik'andro, indrindra indrindra ireo fepetra ao amin'ny andininy 20.04.01 sy ny manaraka ao amin'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra.

Ho fiarovàna ny trosam-panjakana any amin'ny mpandoa hetra ary mba hisorohana ny hevitra tsy handoavany izany, dia tsy azon'ny mpandoa hetra mihevitra ny hanao fitarainana any amin'ny vaomiera ny mivarotra, mamotsotra sy mamindra ny fananany sy ny zony izay

mandrafitra ny harenany mandritra ny raharaha. Torak'izany dia tsy azon'ny mpandray volan'ny hetra ny manoratra ireo sora-panekena mifandraika amin'izany mba tsy hahatompon'andraikitra azy manokana amin'ny fandoavana ireo hetra tokony naloa.

Noho izany, ny mpanara-maso na ny sampan-draharaha miandraikitra ny fitantanana ny antontan-taratasin'ny mpandoa hetra izay nanao fitarainana tao amin'ny vaomiera ara-ketra dia tsy maintsy manao tatitra any amin'ny Foibem-pitondrana miahy ireo rafitra mpanatanteraka. Andraikitr'io Foibem-pitondrana io no mampahafantatra avy hatrany ny fisian'io fitarainana io amin'ireo sampan-draharaha mpanatanteraka.

IV- FANDINIHANA NY ANTONTAN-TARATASY

Andininy 20.09.10.

Ny vaomiera dia mivory ara-potoana isan-kerinandro araka ny fiantson'ny Filohany. Raha ilaina dia mivory tsy ara-potoana izy araka ny lahadinika voafaritra, araka ny fangatahan'ny Minisitra miandraikitra ny didy amam-pitsipika momba ny hetra na ny maro an'isa amin'ny mpikambana.

Andininy 20.09.11.

1. Ny vaomiera dia manana fe-potoana 10 andro manomboka ny daty nandraisana ny fanamarihana an-tsoratra nataon'ny Fandraharahana momba ny hetra mba ampahafantariny ny heviny.

2. Afaka halavaina io fe-potoana io raha manao fangatahana voamarina ny vaomiera ary ankatoavin'ny Tale misahana ny Fifanolanana ara-ketra izany.

Andininy 20.09.12.

Tsy voatazona amin'ny tsiambaratelon'ny asa ny sampandraharahan'ny hetra manoloana ny vaomiera. Nefa mijanona iharan'ny tsiambaratelon'ny asa izy manoloana ny mpandoa hetra manan-draharaha ao amin'ny vaomiera, indrindra ny mombamomba ireo mpandoa hetra hafa.

Andininy 20.09.13.

1. Ny mpandoa hetra na ny solotenany dia manolotra ny naotin'ny tsangakeviny eny am-piandoahan'ny fivoriana, fa tsy afaka manatrika ny adi-hevitra. Ny mpisafo hetra misolotena ny sampan-draharaha misahana ny fitantanana ny antontan-taratasin'ny mpandoa hetra no mametraka amin'ny vaomiera ara-ketra ny fehi-kevitra fiarovàna ny sampan-draharaha; azo hanontaniana izy amin'ny fotoana rehetra hanaovàna ny raharaha, fa tsy manatrika ny adi-hevitra izy.

2. Ny vaomiera ara-ketra dia tsy afaka manadihady mihoatra ny fangatahana tamin'ny voalohany.

3. Ho fampiharana irao fepetry ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra, ny andaniny sy ny ankilany dia tsy afaka mitondra porofo ankoatra ireo efa voapetraka sy nangatahana nandritra ny nanaovàna ny fanamarinana ara-ketra.

Andininy 20.09.14.

1. Tao aorian'ny fihainoana ny ny andaniny sy ny ankilany izay tsy mifanaraka, ny vaomiera dia mahazo manapa-kevitra rehefa eo ny efitra (4) amin'ireo mpikambana manana zo hanapaka ka ny roa (2) amin'ireo dia tsy maintsy avy amin'ny Foibem-pitantanan'ny hetra. Ny fanapaha-kevitra dia tsy azo atrehin'olon-kafa.

2. Ny fanapahan-kevitra ny vaomiera dia raisina amin'ny alalan'ny feon'ny maro an'isa ka ny filoha no manana ny teny farany.

V- FANAPAHA-KEVITRY NY VAOMIERA ARA-KETRA

Andininy 20.09.15.

Ny fanapahan-kevitra ny vaomiera dia ampahafantarina ny andaniny sy ny ankilany ao atatin'ny roa andro nanaovan'ny filohan'ny vaomiera sonia azy.

Andininy 20.09.16.

1. Ny fanapahan-kevitra ny vaomiera dia milaza ny antonantony ifakan'ny fanapahan-kevitra sy ny antony naharesy lahatra ny mpikambana ao amin'ny vaomiera, mba afahan'ny mpandao hetra hanohitra izany raha misy ny tsy fahafaham-pony.

2. Ny fanapahan-kevitra ny vaomiera dia tsy manana hery handidy ny roa tonta.

3. Ny sampandraharahan'ny hetra dia afaka mandray fototra amerana ny hetra hafa noho ny voalaza tao amin'ny fanapahan-kevitra ny vaomiera, ary ny mpandao hetra dia manana fahefana hanohitra ny hetra ifanolanana tao aorian'ny nanaovàna ny sora-pamerana amin'ny lafiny fifanolanana indray. Ny andaniny izay tsy manaiky ny fanapahan-kevitra ny vaomiera no mitodra ny porofo.

4. Raha manan-kevitra ny hanova manontolo na amin'ny ampahany ny fampahafantarana raikitra araka ny fanapahan-kevitra ny vaomiera, ny sampandraharahan'ny hetra dia manao ny fampilazana raikitra nasiam-panitsiana.

Andininy 20.09.17.

1. Ny tsy fisian'ny fanapahan-kevitra mari-pototra na mihoatra ny fe-potoana nataon'ny vaomiera dia tsy manova velively ny maha ara-dalàna ny fitakian-ketra.

2. Ny tsy fisian'ny fanapahan-kevitra mari-pototra na mihoatra ny fe-potoana nataon'ny vaomiera, ny fandraharahana ara-ketra dia afaka manao sora-pamerana, kanefa tsy manakana ny ampiakarana azy any amin'ny sehatry ny fifanolanana hafa indray any aoriana.

Andininy 20.09.18.

Ny vola fampandehanan-draharahan'ny vaomiera sy ny vola fikarakarana ireo mpikambana ary koa ireo olona mampihodina ny raharaha ao dia iantohan'ny Tetibolampanjakana.”

Ny ambiny tsy misy fanovàna

ANDININY FAHA-3

Faditseranana

A. Ireo fepetra noraisina tao amin'ny fehezan-dalàna momba ny faditseranana dia miova sy nofenoina toy izao manaraka izao :

I. Ovàna toy izao ny fepetra araka ny andininy faha-46:

Tsy hoe:

And. 46. Ho fampiharana ny fepetra voalazan'ity fehezan-dalàna ity sy natao hikarohana ny hosoka, ny mpandraharahan'ny faditseranana dia afaka manao fitsirihana ny entana, ny fitaovam-pitaterana ary ny olona, na ao amin'ny birao any amin'ny fari-piasana izany na aiza na aiza eo amin'ny toerana eto amin'ny tanim-pirenena. Amin'izany, ny mpandraharahan'ny faditseranana dia afaka mitaky ny fampisehoana ny taratasy firaketana manamarina ny fiavian'ny entana notànana na notaterina

Ankoatra ny didy आम-pitsipika azo ampiharina ao anatin'ny ny fari-piasan'ny faditseranana ary koa ny entana voalaza ao amin'ny andininy faha-254 ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Faditseranana, raha tsy mampiseho ireo taratasy firaketana ireo tamin'ny fisavana voalohany, mba hisorohana ny fanodinkodinana ireny entana ireny, ny mpandraharahan'ny faditseranana dia afaka mamindra izany, ka ny tompony no mandoa ny lany any amin'ny biraon'ny faditseranana akaiky azy indrindra na raha tsy izany, mametraka azy ireny ho eo ambany fanaraha-mason'ny faditseranana amin'ny alalan'ny fametrahana firamainty na eo amin'ny vatavy lehibe fametrahana entana, na eo amin'ny fisokafan'ny toerana izay nametrahana azy.

Fa vakio hoe:

And. 46.

1° Ho fampiharana ny fepetra voalazan'ity Fehezan-dalàna ity sy natao hikarohana ny hosoka, ny mpandraharahan'ny faditseranana dia afaka manao fitsirihana ny entana, ny fitaovam-pitaterana sy ny olona na izany ao amin'ny birao na ao anatin'ny fari-piasana na aiza na aiza eo amin'ny toerana eto amin'ny tanim-pirenena. Amin'izany, ny mpandraharahan'ny faditseranana dia afaka mitaky ny fampisehoana ny taratasy firaketana manamarina ny fiavian'ny entana notànana na notaterina.

Raha toa ny fanaraha-maso eny amin'ny sisin-tany ka hiantohan'ny Sampan-draharaham-panjakana maromaro, ny mpandraharahan'ny faditseranana no mitarika ny fitsirihana ny entana ka ny Sampan-draharaham-panjakana hafa dia afaka manampy azy.

2° Ankoatra ny didy आम-pitsipika azo ampiharina ao anatin'ny ny fari-piasan'ny faditseranana ary koa ny entana voalaza ao amin'ny andininy faha-254 ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny faditseranana, raha tsy nampiseho ireo taratasy firaketana ireo tamin'ny fisavana voalohany, mba hisorohana ny fanodinkodinana ireny entana ireny, ny mpandraharahan'ny faditseranana dia afaka mamindra izany, ka ny tompony no mandoa ny lany any amin'ny biraon'ny faditseranana akaiky azy indrindra na raha tsy izany, mametraka azy ireny ho eo ambany fanaraha-mason'ny faditseranana amin'ny alalan'ny fametrahana firamainty na eo amin'ny vatavy lehibe fametrahana entana, na eo amin'ny fisokafan'ny toerana izay nametrahana azy.

II. Ovàna toy izao ny fepetra araka ny andininy faha-48:

Tsy hoe:

And. 48. Ny mpandraharahan'ny faditseranana dia afaka manao fitsirihana ny sambo rehetra ao anatin'ny fari-dranomasina ao amin'ny fari-piasan'ny faditseranana.

Fa vakio hoe:

And. 48. Ny mpandraharahan'ny faditseranana dia afaka manao fitsirihana ny **fiaramanidina** sy ny sambo rehetra ao amin'ny fari-piasan'ny faditseranana.

III. Ampiana paragrafy faha-5 amin'ny fepetra voalazan'ny andininy faha-49 ho toy izao manaraka izao

And.49.5° Ny zo sy ny fahefana amin'ny fitsirihana ananan'ny mpandraharahan'ny faditseranana ao anaty sambo voalaza ao amin'ny paragrafy etsy aloha amin'ity andininy ity dia ampiharina mitovy tsy misy valaka amin'ny tranga fitsirihana anaty fiaramanidina ao amin'ny seranam-piaramanidina.

IV. Ovàna toy izao ny fepetra araka ny andininy faha -194.2°:

Tsy hoe:

And 194.2° Ny fanomezan-dàlana ho amin'ny fampidirana tsy maharitra ho amin'ny fanatsarana dia omen'ny Tale jeneralin'ny faditseranana :

- ho an'ny olona monina eto Madagasikara, manana ny fitaovàna ilaina amin'ny fanodinana, fanamboarana na famenon'asa ary koa amin'izay manana io fitaovàna io amin'ny alalan'ny fiantohan'asan'ny mpiantoka voalohany ;
- amin'ny entana nafarana izay azo faritana ao anatin'ny vokatry mpanonitra.

Misy fepetra manokana hafa izay azo raisina amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika ho an'ny entana mila fitandremana sy stratejika.

Raha tsy famelana handingana fepetra neken'ny Tale jeneralin'ny faditseranana, ny faharetan'ny fijanonan'ny entana ela indrindra ao amin'ny sata mikasika ny fampidirana tsy maharitra ho amin'ny fanatsarana dia roa ambin'ny folo volana manomboka ny vaninandro fanambarana antsipiriany ny fanafarana tsy maharitra ny entana.

Fa vakio hoe:

And 194.2° Ny fanomezan-dàlana ho amin'ny fampidirana tsy maharitra ho amin'ny fanatsarana dia omen'ny Tale jeneralin'ny faditseranana :

- ho an'ny olona monina eto Madagasikara, manana ny fitaovàna ilaina amin'ny fanodinana, fanamboarana na famenon'asa ary koa amin'izay manana io fitaovàna io amin'ny alalan'ny fiantohan'asan'ny mpiantoka voalohany ;
- amin'ny entana nafarana izay azo faritana ao anatin'ny vokatry mpanonitra.

Misy fepetra manokana hafa izay azo raisina amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika ho an'ny entana mila fitandremana sy stratejika.

Raha tsy famelana handingana fepetra neken'ny Tale jeneralin'ny faditseranana, ny faharetan'ny fijanonan'ny entana ela indrindra ao amin'ny sata mikasika ny fampidirana tsy maharitra ho amin'ny fanatsarana dia roa ambin'ny folo volana manomboka ny vaninandro fanambarana antsipiriany ny fanafarana tsy maharitra ny entana.

Ny sata mikasika ny fampidirana tsy maharitra ho amin'ny fanatsarana dia tsy ekena afatsy ho an'ireo mpisitraka izay manana orinasa fanodinana hita ao anatin'ny fetran'ny faritry ny renivohitry ny Kaominina misy ny biraon'ny faditseranana.

V. Ovàna toy izao ny fepetra araka ny andininy faha-250 :

Tsy hoe :

And.250-Ny fahazoan-dàlana mampiasa ny sata mikasika ny famerenana entana efa voaondrana dia atokana ho an'ny mpanondrana entana tam-boalohany. Ny fangatahana famerenana entana indray dia tokony apetraka ao anatin'ny roa taona manomboka ny vaninandro nanondranana voalohany ny entana raha ela indrindra.

Fa vakio hoe:

And.250-Ny fahazoan-dàlana mampiasa ny sata mikasika ny famerenana entana efa voaondrana dia atokana ho an'ny mpanondrana entana tam-boalohany. Ny fangatahana famerenana entana indray dia tokony apetraka ao anatin'ny **herintaona** manomboka ny vaninandro nanondranana voalohany ny entana raha ela indrindra.

VI. Ovàna toy izao ny fepetra araka ny andininy faha-41:

Tsy hoe:

Art. 41. Eo amin'ny fanatanterahany ny asany, ny mpandraharahan'ny faditseranana dia manana zo hitondra fanamiana ara-miaramila. Ny firafitra sy ny fepetra itondrana izany fanamiana izany dia faritan'ny fanapahana raisin'ny Tale jeneralin'ny faditseranana.

Fa vakio hoe:

Art. 41. Eo amin'ny fanatanterahany ny asany, ny mpandraharahan'ny faditseranana dia manana zo hitondra fanamiana ara-miaramila. **Didim-panjakana no mamaritra ny firafitra sy ny fepetra itondrana izany fanamiana izany.**

B- MOMBA NY LAZAM-BIDIN'NY FADITSERANANA :

1) Famerenana ny tahan'ny haban-tseranana ho an'ireo sokajy miisa 45 anaty lazam-bidy amin'ny taha efa nihatra teo alohan'ny Lalàna mikasika ny fitantanam-bolam-panjakana voalohany 2016 mba hifanaraka amin'ny ganekena momba ny tahan'ny haba tsy azo ihoarana farany nataon'I Madagasikara ny taona 1995 tamin'ny Fikambanana iraisam-pirenena momba ny Varotra izay mikasika ihany ireo vokatra fambolena sy simika

Tsy hoe :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
32.10	Autres peintures et vernis; pigments à l'eau préparés des types utilisés pour le finissage des cuirs				
3210.00 90	--- Autres.....	kg	15	20	15

Fa vakio hoe :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
32.10	Autres peintures et vernis; pigments à l'eau préparés des types utilisés pour le finissage des cuirs				
3210.00 90	--- Autres.....	kg	20	20	20

Tsy hoe :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
34.06	Bougies, chandelles, cierges et articles similaires				
	--- En paraffine ou en cires minérales ou artificielles				
3406.00 10	---- Faits à la main (2)	kg	15	20	15
3406.00 20	---- Autres	kg	15	20	15
3406.00 90	--- Autres	kg	15	20	15

Fa vakio hoe :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
34.06	Bougies, chandelles, cierges et articles similaires				
	--- En paraffine ou en cires minérales ou artificielles				
3406.00 10	---- Faits à la main (2)	kg	20	20	20
3406.00 20	---- Autres	kg	20	20	20

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
3406.00 90	- - - Autres	kg	20	20	20

Tsy hoe :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
4415.20	- Palettes simples, palettes- caisses et autres plateaux de chargement; rehausses de palettes				
4415.20 10	- - - Faits à la main (1)	u	0	20	0
4415.20 90	- - - Autres	u	0	20	0

Fa vakio hoe :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
4415.20	- Palettes simples, palettes- caisses et autres plateaux de chargement; rehausses de palettes				
4415.20 10	- - - Faits à la main (1)	u	20	20	20
4415.20 90	- - - Autres	u	20	20	20

Tsy hoe :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
5310.90 10	- - - Tissus de jute	kg	15	20	8
5310.90 20	- - - Tissus de paka (Uréna)	kg	15	20	8
5310.90 90	- - - Autres	kg	15	20	8

Fa vakio hoe :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
5310.90 10	- - - Tissus de jute	kg	20	20	8
5310.90 20	- - - Tissus de paka (Uréna)	kg	20	20	8
5310.90 90	- - - Autres	kg	20	20	8

Tsy hoe :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
6301.20 00	- Couvertures (autres que les couvertures chauffantes électriques) de laine ou de poils fins	kg	10	20	10
6301.30 00	- Couvertures (autres que les couvertures chauffantes électriques) de coton	kg	10	20	10

Fa vakio hoe :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
6301.20 00	- Couvertures (autres que les couvertures chauffantes électriques) de laine ou de poils fins	kg	20	20	20
6301.30 00	- Couvertures (autres que les couvertures chauffantes électriques) de coton	kg	20	20	20

Tsy hoe :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
6305.10	- De jute ou d'autres fibres textiles libériennes du n° 53.03 :				
	--- En tissus de jute :				
6305.10 11	---- Neufs	kg	15	20	15
6305.10 12	---- Ayant servi	kg	15	20	15
	--- En tissus de paka (Uréna) :				
6305.10 21	---- Neufs	kg	15	20	15
6305.10 22	---- Ayant servi	kg	15	20	15
	--- En tissus d'autres fibres textiles libériennes :				
6305.10 31	---- Neufs	kg	15	20	15
6305.10 32	---- Ayant servi	kg	15	20	15

Fa vakio hoe :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
6305.10	- De jute ou d'autres fibres textiles libériennes du n° 53.03 :				
	--- En tissus de jute :				
6305.10 11	---- Neufs	kg	20	20	20

6305.10 12	---- Ayant servi --- En tissus de paka (Uréna) :	kg	20	20	20
6305.10 21	---- Neufs	kg	20	20	20
6305.10 22	---- Ayant servi --- En tissus d'autres fibres textiles libériennes :	kg	20	20	20
6305.10 31	---- Neufs	kg	20	20	20
6305.10 32	---- Ayant servi	kg	20	20	20

Tsy hoe :

